## MAMRE

Ao amin'ny Gen.18 no ahafantarantsika fa tao Mamre no nandraisan'i Abrahama ireo vahiny telo lahy nampitondrain' Andriamanitra ny hafatra fa hiteraka zazalahy izy sy Saraha vadiny.

Tsy misy zava-mahagaga izay tsy hain'ny Tompo(Gen.18.14) ary anisan'izany ny fisinan'ny Masera Protestanta.

Ara-tantara dia Rtoa Marie Homburger, Misionera frantsay niasa naharitra teto Madagasikara , anisan'ny Servantes de l'Unité tao amin'ny Communauté de Grandchamp,Suisse no resy lahatra fa misy zazavavy maro tany amin'ny toerana nanaovany tournées fony izy tompon'andraikitry ny Sekoly Alahady Foibe, izay te hanompo an'Andriamanitra sy hanolo-tena ho amin'izany. Avy amin'izany no nanombohan'ny **"Fanolokoloana ny antso ho an'ny Zatovovavy"(FAZA)** izay neken'ny Synoda lehibe faha-5 tamin'ny taona 1975 tany Fianarantsoa. Tao Imarivolanitra, tao amin'ny tranon'i Rtoa Marie Homburger no niantsoana zazavavy vitsivitsy nisantatra ny Fiarahamiaina. Niompana betsaka tamin'ny Tenin'Andriamanitra, fanompoana sy fanoloran-tena ho an'Andriamanitra ary fiainam-bavaka no fiofanana narahin'izy ireo, amin'ny maha **"Fanolokoloana ny antso ho an'ny Zatovovavy"(FAZA)** dia nisy ireo ho mpiomana ho Mpitandrina, ho Mpampianatra, ary vadina Mpitandrina. Nivoatra sady niroso ny tantara ka nodinihina tany amin'ny Synoda lahibe faha-11tamin'ny taona 1988 tany Fianarantsoa indray ny momba izany. Ny Mpiandraikitra Foibe, tamin'io taona io taorian'izany no nanaiky ny fijoroan'ny MASERA F.J.K.M. Fiarahamiainan'ny vehivavy Protestanta.Tamin'ny 10 Janoary1993 izay nanokanana ny Masera voalohany, ary tamin'io fotoana io no nandraisana ny anarana hoe: **Fiarahamiaina amim-bavaka MASERA MAMRE F.J.K.M.**

**<u>Ny antom-pisin'ny Masera MAMRE:</u>**

-Fanoloran-tena mandrakizay ho an'Andriamanitra Ray, Zanaka, Fanahy Masina amin'ny alalan'ireo voady telo: **Fahantrana, tsy fanambadiana, Fankatoavana.**

**-Fanomezam-pahasoavana iainan'ireo Masera Mamre dia ny Fiombonana sy ny Firaisana izay hita tao amin'ny Trinité Masina.**

**-Fiainam-bavaka ataon'ny tsirairay sy iombonana.**

**-<u>Ny asa fivelomana:</u>**

**Zaitra(akanjon'nyMpitandrina sy ny Diakona ary Mpiandry); fambolena sy fiompiana ary ny fandraisam-bahiny**

**<u>Fivoarana:</u>** Manana toerana efatra ny Masera MAMRE F.J.K.M.

**-Ambavahadimitafo:** V.S 58 nofoibeny

**-Moria:** Fandraisana ireo tanora vao manomboka, fandraisam-bahiny, fandraisana ireo ankizy ao amin'ny cantine. **- Horeba** : toerana misy ireo dingana Noviciat, fandraisam-bahiny.

**-Zoara Antsapanana Andasibe:** Fiompiana sy fambolena.

**FIANGONAN'I JESOA KRISTY ETO MADAGASIKARA**

**FIARAHAMIAINA AMIM-BAVAKA**

**MASERA MAMRE F.J.K.M**

**FANDAHARANA IOMBONANA ALAHADIN'NY MASERA MAMRE F.J.K.M 15 OKTOBRA 2023**

**"Ary niara nidina taminy nankany Nazareta Izy ka nanoa azy..."(Lio.2: 51a)**

## FANDAHARANA FANOMPOAM-PIVAVAHANA MASERA MAMRE F.J.K.M

**Feon-javamaneno**

1- **Fiarahabana Apostolika**

" Ho aminareo ny fahasoavana sy ny famindram-po ary ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Ray sy Jesoa Kristy, Zanaky ny Ray, amin'ny fahamarinana sy fitiavana". Amena ( IIJao.1:3)

**2-Fiderana an'Andriamanitra:**
3-(Sal.100)
Hira 169: 1-3
4-Vavaka fiderana sy fisaorana
**5-Fanambarana ny sitrapon'Andriamanitra**

"Hoy i Jehovah, Tompon'ny maro:
" Ny zanaka manaja ny rainy , ary ny mpanompo manaja ny tompony. Koa raha Ray Aho, aiza izay hajako? Ary raha Tompo Aho, aiza izay tahotra Ahy? Andriamanitra no atahory ary ny didiny no tandremo; fa izany no tokony hataon'ny olona rehetra".
(Mat.1: 16; Mpit.1:12-13)
" Sambatra ny mahitsy lalàna..."
Hira 242: 1-2

**5- Fiaiken-keloka**

Ry Andriamanitra ô, indreto izahay manetry tena eto anatrehanao, miaiky ny fahantranay sy ny fahotanay. Tsy nanome Anao ny voninahitra tokony ho Anao izahay. Nandika ny didinao izahay. Tsy nanaja anao izahay, tsy nanaja ireo ray sy reninay izahay. Mamindrà fo ka mamelà ny helokay.

Ry Rain'ny famindrampo ô, mitalaho Aminao izahay: diovy izahay ho afa-pahotana, havaozy ao anatinay ny fanahinay mba ho vonon-kanompo anao.Amin'ny anaran'i Jesoa Zanakao Mpamonjy anay no angatahanay izany vavaka izany. Amena

Hira449:4
**6- Famelan-keloka**

Hoy ny Tompo:" Fitiavana mandrakizay no nitiavako anao, koa izany no nampaharetako famindram-po ho anao. Kristy izay tsy nahalala ota dia efa nataon'Andriamanitra ota hamonjy antsika mba ho tonga fahamarinan'Andriamanitra ao Aminy kosa isika". (Jer.31:3; Zak.3:4; IIKor.5: 21)

"Sambatra ny olona izay voavela ny helony..."
Hira 543:1
**7-Fanambarana ny finoan'ny Fiangonana**
Feon-javamaneno
**8- Filazan-draharaha**

Rakitra (Hiran'ny Antokom-pihira
**9- Fanolorana ny Rakitra**
Hira 443: 3
**10-Tenin'Andriamanitra Fotoana ho an'ny ankizy sy ny tanora**
- Hira 785: 1, 2

**Vavaka mialohan'ny vakiteny**

**11- Soratra Masina**

- Ohabolana 3: 1- 12; Lioka 2: 39- 52
- Efesiana 6: 1-4
- Hira 205: 1-2

**12- Toriteny**

Vavaka mangina na feon-javamaneno

**ANTOM-BAVAKA**

- Vavaka setrin'ny Tenin'Andriamanitra.
- Hivavaka isika ho an'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara.
- Hivavaka ho an'ny birao Foibe sy ny mpiandraikitra Foibe.
- Hivavaka isika ho an'ny asa fitoriana ny Filazantsara tanterahin'ny Fiangonana.
- Hivavaka isika ho an'ny Fiarahamiaina amim-bavaka Masera MAMRE F.J.KM
- Hivavaka isika ho an'ny Firenena.
- Faranana amin'ny Vavaka nampianarin'ny Tompo.

13- Asa vavolombelona
Hira 760: 1-2
14- Tsodrano
Vavaka mangina
- Ho an'Andriamanitra irery ihany anie ny voninahitra.
- Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.Amena.

## HAFATRA

Ry havana, manonona ny fiadanan'ny Tompo ho anareo rehetra izahay. Faly miarahaba antsika rehetra ny Masera MAMRE F.J.K.M. Amin'izao Alahady hitondrana amim-bavaka ny Fikambanana izao dia manararaotra izahay manao antso ho anareo vehivavy mahatsiaro fa manana antso manokana ho amin'ny fiainana Masera mba tsy hisalasala hanatona ny Fikambanana.

**- Ireto ny mason-tsivana handraisana azy ireo.**

- Vehivavy 23- 35 taona.
- Mpandray ny Fanasan'ny Tompo
- Salama vatana , saina , fanahy
- Tsy mbola nanambady ary tsy diso fanantenana tamin'ny fiainam-pitiavana sady vonona tsy hanambady.
- Vonona hiaina ireto antso telo ireto : Antso ho amin'ny fiainam-bavaka, antso ho amin'ny fiarahamiaina amin'ny hafa satria nantsoina hiara-miaina sy hiombona ao anatin'ny fahasamihafana, antso ho amin'ny fahadiovam-piainana ao anatin'ny tsy fanambadiana.Tena ilaina amin'izao vanim-potoana misy antsika izao ny fiainam-bavaka . Izahay Masera MAMRE dia mitaona ny olona hanamafy ny fiainam-bavaka efa ataony sady mandray am-pifaliana ireo olona, fikambanana izay mangetaheta manatanteraka izany. Efa misy ireo trano fandraisana ireo olona hitokam-bavaka, hanao fiofanana amin'ny sarany mirary. Aza misalasala hianareo miantso fa mandray anareo am-pifaliana izahay.


FIARAHAMIAINA AMIM-BAVAKA MAMRE F.J.K.M
LOT VS 58 Ambavahadimitafo
101 Antananarivo
020 85 217 32
032 54 068 08
033 05 280 52

Moria (Peniela), VS 56 Ambavahadimitafo
101 Antananarivo
Toeram-piofanana sy fandraisam-bahiny

033 72 412 79
032 64 367 22
034 98 029 73

Horeba, Lot C 79A Ambohinaorina Sabotsy Namehana
Antananarivo - Avaradrano
Toeram-pisindana sy fandraisam-bahiny
032 49 643 69
034 71 646 92
Zoara Antsapanana Andasibe
034 53 192 45
033 75 925 00